# Halatra sy fisolokiana
## Miaramila tratra nisoloky tamin'ny kiôska fakana vola 2


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Sabotsy 12 janoary 2019 Laharana 860 Vidiny : 400 Ar


**I Korintiana 3: 10-15** 5
Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 101), Madagasikara 09 janoary 2019


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


## Filoha Ravalomanana 3
# Mandefitra manana ny rariny


© AFP

## Tetezan'i Tanjombato 2
# Mpamily taxibe namono tena tao anaty rano



## CUA 6
### Lany ny tetibolan'ny kaominina mitentina 49 miliara Ar



## Ankamaroan'ny vahoaka 2
### Manaiky resy fa tsy resy lahatra tamin'ny vokatra

## CUA 7
### Mitady tanora liam-pivoarana hiara-hiasa aminy

## Boriboritany faha-2 (CUA) 6
### Nanadio ireo tatatra manamorona ny arabe ho fikojana ny lalana

**Daka kely**
Mitovy amin'i Barabasy nohafahana ihany ialahy ry Boaikely a !

## Ny mpanakanto Gothlieb 3
### Milaza ny heviny momba ny raharaham-pirenena



ANKAMAROAN'NY VAHOAKA

## Manaiky resy fa tsy resy lahatra tamin'ny vokatra



Mbola mitàna ny sain'ny maro ny voka-pifidianana filohampirenena navoakan'ny HCC ny 7 janoary lasa teo, izay nahitàna halabato be vata sy hosoka tamin'ny endriny maro samy hafa teto amin'ny firenena, nefa nolavin'ity andrim-panjakàna mahefa ity ny fitoriana napetraka rehetra. Manoloana izany, maro ny vahoaka tsotra sy ireo mpanao politika no maneho hevitra, indrindra amin'ny tambazotran-tserasera izay manomboka mahazo vahana eto amin'ny firenena ankehitriny. Tsy azo tsinontsinoavina ireny satria feom-bahoaka, tokony mba ho raisin'ny mpikarakara fifidianana rehetra amin'ny ho avy ireny fanehoan-kevitra marobe ataon'ny olona ireny, mba hanatsaràna ny fomba fiasa, ka ho fifidianana madio tsy hanjakàn'ny hosoka tahaka ny hita tamin'ny fififianana fihodinanana faha2 ireny intsony no hisy eto Madagasikara. Raha tsy misy fiovam-penitra mahery vaika ataon'ny CENI dia tsy hisy olona hifidy intsony angamba amin'ny fifidianana manaraka eo. Ho ambany dia ambany ny taham-pahavitrihana amin'izany ; io 48 % io mety ho tafidina any amin'ny 10%, dia ho afabaraka tanteraka ianareo CENI amin'izany. Raha haravona ny zavamisy eto amin'ny firenena ankehitriny, dia nanaiky tsy sazoka ny valim-pifidianana navoakan'ny HCC ny vahoaka Malagasy, indrindra ny mpomba ny filoha Marc Ravalomanana tamin'iny fifidianana filohampirenena iny noho ny fahendrena nasehon'i Dada ho an'ny tombontsoam-pirenena. Tsy tokony hiaina ao anaty krizy intsony ny Malagasy hoy izy satria efa mahantra loatra. Hany herin'ny ankamaroan'ny vahoaka nanaiky resy fa tsy RESY LAHATRA kosa tamin'ny voka-pifidianana navoakan'ny HCC.

***Helisoa***

Faradofay

## Manahy amin'ny fitondran'ny mpanongam-panjakana

Manahy amin'ny fitondran'ny mpanongam-panjakana i Taolagnaro. Tompony hangataka ny atiny, io no mety hiafaran'ny malagasy 25 tapitrisa afaka 2 na 3 taona ary hijaly fadiranovana. Samy niaiky an'izay fanehoan-kevitra izay avokoa ireo mpanara-politika sy olon-tsotra nanaovana fanadihadiana tany Taolagnaro. Raha ny fomba fiasan'ny Ceni sy ny Hcc no zohiana, samy niaiky ny mpanarabaovao fa tsy nasian'ny Hcc varany ny fangatahana sy ny fanamarihana nataon'ny k25. Fiangarana, halako bika tsy tiako tarehy no nisy. Navadika ho tsy mitombina avokoa ireo fitarainana. Hatramin'ireo teratany vahiny niatrika ny fifidianana gaga. Manoloana izany, valalanina sy vaka ny saina mandinika ny zava-misy sy ny fanapahan-kevitry ny Hcc lazaina fa mpitsara tsy mitanila. Amin'ny ankapobeny, voahitsakitsaka tanteraka ny lalampifidianana. Noezahina nomena rariny amin'ny tsy fanarahan-dalàna nataony ny kandida mpifanandrina amin'ny k25. Noterena ho tsy maintsy mandresy i Andry Rajoelina efa mpanogam-panjakana. Manahy ny hamarotan'ny mpamarotra tanindrazana amin'ny vahiny ireo mahafantatra tsara ny fanonganampanjakana ny taona 2009 sy ny 5 taona niainana ny tetezamita. Marobe ireo zavatra mifamahofaho amin'ny fahalanian'ny kandida N°13. Eo isika hiaina ny tsy fahaiza-mitantana sy hahita ny tsy fahita…

***Mangarahara***

Mpomba an-dRavalomanana

## Entanina hisoratra anarana ao anaty lisi-pifidianana

Maro ireo vahoaka mpanaraka ny filoha Marc Ravalomanana, eny ny Malagasy amin'ny ankapobeny no kivy tamin'ny vokatra navoakan'ny CENI, vaomieram-pirenena mahaleotena mikarakara ny fififianana, izay namafisin'ny HCC, fitsaràna tsy azo ivalozana mamoaka ny voka-pifidianana tamin'ny fifidianana filohampirenena fihodinana faha-2 iny. Maro ny halabato, hosoka izay misy porofo fa tsy nasiana sira araka ny fitenin'ny tanora azy. Vokatr'izany, maro ireo mitoto tany fa tsy hifidy izany intsony raha mbola ny rafitra misy amin'izao no mikarakara io fifidianana io, satria mbola ny HOSOKA no manjaka. Na izany aza anefa, ny fiainana mandeha, maro ny miandry hanarenana ny firenena araka ny nambaran'ny filoha Marc Ravalomanana. Ho antsika rehetra tsy tafiditra tao anaty lisitry ny mpifidy, fotoana izao handehanana eny amin'ny fokontany hisoratra anarana, mba hahafahantsika mandeha mifidy amin'ny fifidianana manaraka ho avy eo. Aza miteny hoe izaho tsy hiraharaha fifidianana izany intsony. Fotoana amin'izay izao hanaporofoina fa marina ny nodradradradraintsika teny amin'ny kianjan'ny 13 mey, fa feno hosoka ny fifidianana filohan'ny repoblika fihodinana faha-2 iny.

***Helisoa***

Halatra sy fisolokiana

## Miaramila tratra nisoloky tamin'ny kiôska fakana vola

Efa iaraha-mahalala ny firongatry ny fisolokiana sy fisandohana amin'ireny toeram-pifanakalozana ara-bola ireny, saingy ity tranga tao Antsirabe ity dia hafa tanteraka. Miaramila manana grady Adjidà sefo iray indray no sarona tamin'izany fisolokiana tamin'ireny toeram-pifanakalozana vola Mvola sy Airtel Money ireny. Efa nahoraka tao Antsirabe ny fomba fiadin'ity miaramila ity ary toerana niisa 3 no efa fantatra fa nahazoany volabe. Efa nisy ny tratrany teny akaikin'ny Hotely Ravitsara-Andranomadio teny ary efa niely ny resaka, ka efa mailo ny rehetra efa nifampiresaka satria efa nampitandrina ny teo anivon'ny orinasa iray. Raha ny nahatratrarana azy teo Vatofotsy dia saika haka vola 600.000 Ar ny tenany ary nolazainy fa tsy manana finday izy fa mba hindrana kaonty Mvola fotsiny. Soa aloha fa efa nahafantatra ny fomba fiadiny ilay mpivarotra ka nandefa mesazy tamin'ny vadiny mba hiantso polisy avy hatrany. Nomeny tokoa ilay finday izay fantatra fa asiany anarana Mvola ao anatiny ary iny no mody andefasany vola kanefa tsy misy vola mirotsaka ao fa ny an'ilay tompon'ny tsena ihany no alainy avy eo. Mandra-pahatongan'ilay mesazy dia efa tonga ny polisy ary notanana avy hatrany ranamana ary tsy tanteraka ny fikasandratsiny. Rehefa tany amin'ny mpitandro filaminana izy dia fantatra fa fitoriana niisa 2 no efa tao, saingy tonga ny lehibeny naka azy tao fa nolazaina fa tsy anjaran'ny polisy no misahana ny fanadihadiana. Tsy misy tandroka tokoa ny ratsy.

***Solohery***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Nahazo lesona tsara avy amin-dRavalo ny mpiray tanindrazana

Mizotra amin'ny kihon-dalana amin'ny fomba fiheverana sy fisainana hafa ny Malagasy ankehitriny amin'ny ankapobeny, taorian'ny fandalovana iny fifidianana filoham-pirenena iny. Tranga maromaro samihafa tsy mbola nisy hatramin'izay teo amin'ny tantaram-pirenena no manamarika izany. Iray lehibe amin'izany, ohatra, ny fihetsika sy fiteny nataon'ny filoha Ravalomanana Marc ny Alarobia 09 Janoary hariva iny. Nasehony ny tokony ho fomba fisainana vaovao ara-politika manomboka izao eto amin'ny firenena, taorian'ny famoahana ny vokatra ofisialy ny fifidianana teny amin'ny Hcc Ambohidahy. Modely tsara napetrany ho an'ny mpanao politika rehetra eto amin'ny firenena izany, ary tsy eto amintsika ihany fa manerana an'i Afrika manontolo mihitsy ihany koa. Ankavitsiana sy mahalana no mba ahitana lesona tsara avy amin'ny mpanao politika toa azy toy izany eto amin'ity firenena ity. Teboka iray mampandroso ny firenena izany na tsy hita mivaingana anaty fotoana fohy aza. Tranga iray hafa indray, ny fihetsik'ireo mpanohana azy tamin'iny famoahana ny vokatra vonjimaika avy teny amin'ny Ceni iny sy taorian'ny famoahana ny vokatra ofisialy teny Ambohidahy. Mendri-piderana ireny ary lesona tsara ho an'ny olom-pirenena manerana ny Nosy, na dia notsinontsinoavin'ny Hcc aza. Atao ahoana, tsy ho àry takatry ny saina avokoa ny zava-drehetra na dia miana-kendry ho tapi-pahaizana amam-pahalalana aza. Tsy mampiraika ny sasany mantsy ny efa fizoran'ity firenena ity nankany amin'ny fahasimbana arapisainana sy faharatsiana ara-piarahamonina asehon'ny herisetra sy habibiana mahatsiravina saika isan'andro vaky. Ny olom-pirenena vanona no mararirary amin'izany sy malahelo mafy mahita ny fireneny toy izany. Ka ireny fihetsika ireny tena mampitodika sy mampiverina ho any amin'ny lalan'ny fiainam-piarahamonina tsara nampiavaka ny Malagasy fahiny. Tsy lavina, mety tsy ho tratra intsony izany ka hiainana, fa mba misy tafaverina kely ireny hatsaràna ireny ary tena zava-dehibe ny fihetsik'ireo mpitaky ny fahamarinana. Azo inoana marimarina fa nisy firenena nanomboka nitodika taty amintsika tamin'ireny ary nisintona izany toetra amampihetsika tsara tamin'iny fotoana iny izany. Eny, fa na ny zava-misy ankehitriny aza.

Ny tany tsy ilaozan'adala, hoy ny fitenenana, saiky izy ireny hita ho niha-nitombo isa tsikelikely tato anatin'ny folo taona farany. Tsy nahavaha olana izany na kely aza ny fitsarana sy ny fonja, na ny toeram-pitsaboana samihafa. Porofo, tsy nivoatra nihatsara ny fiarahamonina teto amintsika. Soa fa teo ireto olona noresahana ireto mba nitondra anjara biriky lehibe ho amin'ny fivoaram-pihatsarana ho an'ity firenena ity.

***Sôh'son***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Rota R**

Ny Valosoa sy hadihady

# Filoha Ravalomanana : mandefitra manana ny rariny

Atsaharo ny fanenjehana, avoahay ireo tsy manan-tsiny, ampahany tamin'ny kabary nataon'ny filoha Ravalomanana Marc taorian'ny namoahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) ny voka-pifidianana ofisialy io. Miteny ho azy io fehezanteny io satria mbola niampy hoe: "…tsy maintsy hiroso amin'ny fampihavanana isika…" Mahagaga anefa fa mbola misy mpanao gazety mahita ho lazaina fa "mbola mitady ny lohan-dRajoelina Ravalomanana". Efa mandefitra manana ny rariny ny Filoha Marc Ravalomanana, mbola enjehin'ny mpanao gazety sasany ihany izao. Iza amin'ireo voambolana ireo na fehezanteny tao anatin'iny kabary iny no azo vakiana ho midika izany. Tsy fifanenjehana amin'ny samy mpanao gazety fa tsy mahagaga loatra fa fomban'ireo namana mitongilana any amin-dRajoelina Andry Nirina no manenjika be fahatany sy manoratra lahatsoratra tsy dia voasaina lalina loatra na tsy mifanandrify amin'ny tranga eo amin'ny fiaraha-monina. Ny ankamaroan'ny olompirenena dia nankasitraka sy nahatsapa fa tenin'olona manana fahendrena sy manana fandeferana ary tena olon'Andriamanitra tokoa ny filoha Ravalomanana Marc. Niarahana naheno ihany koa ny fanambarana nataon'ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena ny alarobia lasa teo, heverina fa tsy tara iny fanambarana iny na dia efa tamin'ny faran'ny herinandro lasa aza no nivoahan'ilay lahatsoratra tao amin'ny gazety, mbola mpomba an-dRajoelina Andry Nirina ihany, "quand le MDN est à la botte de l'ennemi." Raha hadika io dia tena "mpamadika" sady miaradia amin'ny "fahavalo" ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena. Mirazotra tamin'io ihany koa ny tao amin'ny onjampeo iray nitatatata fa tsy baikon'ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena ny zandary sy ny polisy fa ny Praiminisitra no mibaiko ireo andiany roa ireo. Niaraha-nahatadidy ny tranga tamin'ny 21 Aprily 2018 fa rehefa nanambara ny Minisitra fa tsy azo ekena ny fandatsahana ny ràn'ny samy Malagasy ary ny andraikitry ny mpitandro ny filaminana dia ny fiarovana ny vahoaka sy ny fananany dia nitsahatra ny fanaparitahana ny vahoaka. Tsy nisy fanakianana ny Minisitra tamin'izany satria tao anatin'ny mpanao fihetsiketsehana ny ekipan-dRajoelina Andry Nirina, ny MAPAR, saingy tamin'ity indray mitoraka ity dia izy ireo no eo amin'ny fitondrana sy manampahefana dia tsy mifanaraka amin'ny lalàna ny ataon'ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena. Amin'izao fotoana izao dia mazava fa "fahavalo" (ennemi) no andraisan'ny mpiaradia amin-dRajoelina Andry Nirina ireo olompirenena Malagasy nitaky ny "fahamarinana" teny amin'ny Kianjan'ny 13 Mey tamin'ny fiandrasana ny voka-pifidianana ofisialy. Tsy nahagaga raha baomba mandatsa-dranomaso sy fisamborana no nasetrin'ny zandary sy polisy ary miaramila ny fitakian'ny Malagasy ny hamoahana ny fahamarinana. Raha fintinina dia ho an'ny Mapar dia "fahavalo" izay rehetra tsy mitovy hevitra aminy, ka hihatrana ambava-basy mandrakariva izy handripaka izay miseho manohitra ny tiany hatao na hamarina ny Firenena any an-kady sy hampitondra faisana ny Malagasy in-droa avo heny noho izao indray aza izany. Toy izao ihany koa no nataon'ny mpanongam-panjakana tamin'ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena tamin'ny taona 2009, ka tsy nisy intsony ny fanajàna ny ambaratongam-pibaikona, ka manahy sahady ny olompirenena amin'ny hiverenan'ny gaboraraka izay hita taratra sahady eny Analakely izay rakotra mpivarotra ny afovoan'ny arabe. Tsy hisy intsony, angamba, ireny rehefa arabe migodàna no hita eran'ny tanàna fa hanana toerana any amin'ny "grandes surfaces" ao anaty "buildings". "Atsaharo ny fanenjehana…tsy maintsy hiroso amin'ny fampihavanana isika…" Raha ireo tranga voatanisa ireo anefa no mbola hiainana eto amin'ity Nosy ity dia "tsy maintsy hitraka" ihany ny olompirenena Malagasy tia ny Tanindrazany hanohitra izany.

***Andry Tsiavalona***

Ny mpanakanto Gothlieb

## Milaza ny heviny momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana

*Milaza ny heviny momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana i Gothlieb. Ry Madagasikara hoy izy, nivaly iny ny fifidianana....*



*Gothlieb, mpanakanto sady mpanaraka ny raharaham-pirenena.*

Fotoana mandalo ho an'ny Firenena ny fifidianana fa fotoana mametraka olona hanapaka izay heverin'ny maro fa lalan'ny firenena. Izay izany. Izay ve ? Izay..... Misy ny nandray anjara nametraka izany olona izany. Misy nandresy, misy ny resy. Misy ny nitazam-potsiny fanahy iniana, ary misy maro no kamo, na tsy mahatakatra ilay asa sy adidy tokony hatao amin'io fotoana io. 2.500.000, 2.000.000, 500.000, 17.000.000, isan'olona ireo tanisaiko ireo, fa tsy sora-bola.....
Fa samy miaina eto ireo, miara-monina, ary miezaka amin'ny tandrify azyamin'izay takatry ny sainy, sy vitan'ny heriny. Misamboaravoara ety am-panombohana ny serasera sy ny sasa vangy vao mafana... Ny vavan'ny mpandresy manao latsalatsa. Ny tora-pon'ny resy maneho alahelo. Misy ampahany betsaka mandeha am-pahendrena, fa saron'ny vely daban'ny misavoamboana, na amin'ny andaniny na amin'ny ankilany.
TSY IZAY TIAN'NY REHETRA NO MITRANGA FA IZAY TAPAKY NY MPANAPAKA. Ary ny maro an'isa apetraky ny lalàna izany no izy. Izay izany ilay Demôkrasia. Izay tokoa ve ? Izay.....
2.500.000 tena faly sy ravo
2.000.000 tena malahelo
500.000 nilaza zavatra hafa fa tsy nisy naheno....lakolosy ts'isy voany..
17.000.000 miaina toy ny nahazatra azy....mitazana.
TOY IZAO NY TOMBANA RY MALAGASY : Ny volana na andro vitsivitsy aorian'izao no atao hoe "Etat de grâce" ho an'izay mahazo an'izany. Handalo eo aminao eo ny fiarabe mipirolipo ary milaza hoe " aza taitra fa ho avy ny mety sy ny tsara...."
Tsy maintsy mbola ho hitan'ny masonao ny manam-bola sy ny manankatao noho ianao.
Tsy maintsy ho maivandamosina ianao raha manantena hotolorampotsiny. Enga anie tsy hangaina.
Misy ampahany manantena fa homena satria narantiranty ny zavatra " homena ".
Misy ny miasa satria izay no efa nitaizana azy.
TSAROVY KOA NEFA : NY OLONA TENA MIASA TSY MIANDRY TANTELY AFA-DRAKOTRA. NY OLONA ZATRA MIASA, TSY MIANDRY OMENA, ARY TSY MBA MAKA NY TSY AZY.
NY OLONA TSARA TAIZA SY MAFY FOTOTRA TAFAJORO FOANA NA NIHOZONGOZONA AZA.
Nolazaiko tamin'ny fomba tsotra izay mba eritreritro.
Ho ahy manokana, mitohy ny fiainako. Asa masina ho ahy ny nandraisako anjara mavitrika tamin'ny fifidianana. Olom-pirenena miroboka ! Resy ilay notohanako. Be no azo hambara momba ny andraikitry ny mpikarakara, sy ny lalàna ampiharin'ny mpahay azy. Izay no izy ? Asa....
Anjaran'ireo tena tandrify an'izany ny manohy ny asa pôlitika....
MIRARY SOA HO AN' NY MALAGASY REHETRA...
MANANTENA NY TSARA HO AN'I MADAGASIKARA....
Misy hira mihogahoga nefa ato an-dohako :
" Allonz'enfants de la patriiieuuuu, Ry Madagasikara sooooa......" (Asio feony mangina ), hoy izy namarana ny fanehoankeviny.

***Nangonin'Isambilo***

## NY TENY FIAINANA

***Salamo 18:3***

*Miantso an'i Jehovah izay mendrika hoderaina aho, ka dia vonjena ho afaka amin'ny fahavaloko.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Tsy kivy fa mitraka hatrany ny Filoha Ravalomanana sy ny mpomba azy



**Neny Poussie :** izay manetry tena no hasandratra... Minoa fotsiny ihany. Izao dia efa tokony hiomana mafy amin'ny fifidianana ben'ny tanàna sy depiote.

**Rasoazanatsiety Ratsimba :** mifampahery e, misaotra o! Fy Rianala : mankasitraka ry Dada a! mivavak ho anao foan izahayay tsika tsy lanin'ny foza izany, fa ny foza mpanenjika aoriana foana e! Fandresena tamin'ny tsy fahamarinana sy ny tsy rariny ny azy, misy farany ny zava-drehetra.

**Adams Raliarinosy :** amin'ny fifidianana deputés sy Maires indray mandresy isika e!

**Robin's Rakotomalala :** filohanay foana enao Dada a ! betsaka ny vitanao, hiezaka enao mankasitraka Tompoko, Andriamanitra hitahy anao sy ny ankohonanao hatrany.

**Mimiche RaZa :** mankasitraka tanteraka tamin'ny asa vita sy ny fitiavana tanindrazana ao amponao. Aorianano foana zahay izay nahatsapa fa tena ray amandrenin'ny malagasy ianao ary tsy nanao ratsy teto amin'ity tanindrazantsika ity. Andriamanitra manankarem-pahasoavana anie tompoko homba anao sy ny ankohonanao foana.

**Domoina Neliane Randrianjafimanana :** courage Dada aaa!!ho tahian'i Tompo hatrany ianao sy ny fianakavinao.

**Ravelomanantsoa Haja Eric :** misaotra an'i Dada. fa zao tsy mety lay izao sahady dia misy fampihorohoroana.vao izao ve de izany sahady. mampalahelo sahady ilay zavamisy. Ernaivo. Fidel, Rolly, Mbola,...mila mandinika tsara raha tena hitady fapandrosoana.

**Njiva Sylvia Claudia :** misaotra dada t@ vitanao réhetra, zahay tsy miala aminao.

**Hitafa Aminao :** Tiako !!! Mankasitraka anao andriamatoa Filoha Ravalomanana, tsy maintsy mbola ho tonga ny fotoana tena handresentsika.

TONONKALO

## Valin-kafatra

Tsy ny didim-pitsarana izay navoaka aloha no marina,
K'aza faly manafôka, manao teny tsy am-piheverana.
Be ny zavatra tsy nety sady hita fa namboarina,
Ka mba fero koa ny vava ry miseho ho avo toerana.

Tsy larivo no lazaina fa hoe Madagasikara.
(Ireo tsy nianatra aza angamba mahafantatra an'izany!)
Tsy voatery ihany koa hoe ny navoakanao mpitsara
Dia ho tena tsisy kianina fa mitombina hatrany.

Hafa ny mpitabataba, hafa ny olona mpandrava,
K'aza alahatra amin'ireny ny olon-kendry raha mitolona.
Ny anareo tsy vao omaly f'efa ela no nazava
Fa naleo i Barabasy toy izay ny Zanak'olona.

Ny tantara mbola hitohy na avo toerana aza ianao
Ry mihevi-tena ho mahay kanefa tsy ampy fahendrena.
Na ny fomba na fiteny, 'ndeha diniho ka mba lanjao,
Fa raha izao dia ny avo ihany no mpanimba firenena !

***SEDERA RAVALISON (10-01-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fifaranan'ny fivoriana ara-potoanan'ny Mpanolotsaina monisipalin'ny CUA.










## I Korintiana 3: 10-15

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 101), Madagasikara 09 janoary 2019

***I Korintiana 3: 10-15 "Araka ny fahasoavan'i JEHOVAH nomena ahy, tahaka ny fanaon'ny mpità-marika mahay no nanaovako ny fanorenana, ary ny hafa mandrafitra eo amboniny; nefa aoka ny olona rehetra hitandrina izay arafiny eo amboniny. Fa tsy misy mahay manao fanorenana hafa afa-tsy izay natao, dia Jesosy Kristy. Ary raha misy mandrafitra volamena, na volafotsy, na vato tsara, na hazo, na bozaka, na mololo, eo ambonin'ny fanorenana, dia haseho avokoa ny asan'ny olona rehetra; fa ny andro no hampiseho azy, satria haseho amin'afo izany andro izany, ka dia hozahan-toetra, amin'ny afo ny asan'ny olona rehetra. Raha maharitra ny asan'ny olona, izay narafiny teo amboniny, dia handray valim-pitia izy. Raha ho levon'ny afo ny asan'ny olona, dia ho fatiantoka izy; fa ny tenany kosa dia hovonjena, nefa toy ny avy ao amin'ny afo ihany izy."***

Ry olombelona noforoniko ô! Ny fampianarako indray ve no tsarainareo sy tsiratsirainareo. TSIA rankizy! Hianareo no mandrafitra sy manorina eo amboni-n'izay noforoniko JEHOVAH. Hoy ny teny, ***andininy 11***: fa tsy misy mahay manao FANORENANA hafa afa-tsy izay natao na izay misy dia JESOSY KRISTY. ***Andininy 12***: na inona na inona arafitrareo, amboarinareo, atombokareo ka tsy ao JESOSY dia tsinontsinona izany. Jereo ary diniho fotsiny izao fiainanareo izao: misy fifaliana ve? Mandry fahalemana ve? Misy fiadanana ve? Mahatsapa fahafahana ve hianareo? Mifankatia tsara ve hianareo olombelona isam-pokon-tany, isam-paritra, isam-pirenena, eny e maneran-tany mihitsy, indrindra fa hianareo ry Malagasy? Tsy efa niteny taminareo va AHO JEHOVAH fa ho AMBONY-AMBANY, AMBANY- AMBONY i MADAGASIKARA? Ary tsy misy FAMONJENA afatsy ao amin'i JESOSY satria ao Aminy irery ny FANORENANA, ary tokony tsy misy rafitra hafa intsony. Hitanareo amin'ilay sary olona teo aloha iny ny RAFITRA nataoko JEHOVAH ary talohan'iny ny rafitra telo (3) izay midika hoe : AHY hianareo hatrany an-tampon-doha ka hatrany am-paladia. Eny na dia ny fanompoana ataonareo aza dia rafitra sy fanorenana TELO, Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina. ***Ohabolana 1: 25*** *"Fa nolavinareo ny saina rehetra natolotro, Sady tsy nety nanaiky ny anatro ianareo."* Maro ary betsaka ny olombelona tsy mahalala ny Fahamarinana avy AMIKO, kanefa te-hanolo-tsaina anareo olombelona noforoniko AHO, ***Salamo 32: 8*** *"Hanome saina anao sy hampianatra anao izay lalan-kalehanao Aho; hitsinjo anao ny masoko ka hanolotsaina anao Aho."* Lavinareo anefa izany, tsy ekenareo, tsy tianareo ka dia mandrafitra eo ambonin'ny tena rafitra indray hianareo. ***Ohabolana 1: 30*** *"Tsy nekeny ny saina natolotro, Notsiratsirainy avokoa ny anatro rehetra".* Tsy nekenareo. Ny hamaroan'izany no miteraka ady, fifandonana, korontana sy fitsaratsarana ary fiandaniana eo aminareo. Izay tena rafitra avy AMIKO no aoka anaovanareo fanorenana dia i JESOSY Izany ary IZY irery ihany. ***Daniela 1: 17*** *"Ary ireo zatovo efa-dahy ireo dia nomen'i Jehovah Andriamanitra fahalalana sy saina ny amin'ny taratasy sy ny fahendrena rehetra; ary Daniela nahafantatra ny amin'ny fahitana sy ny nofy rehetra."* Vakionareo ny tantaran'i Daniela sy ny fandreseny noho ny saina natolotro azy. ***Daniela 3: 28*** *" Nebokadnezara niteny ka nanao hoe: Isaorana anie Jehovah Andriamanitr'i Sadraka sy Mesaka sy Abednego, Izay naniraka ny anjeliny hamonjy ny mpanompony izay natoky Azy ka nandika ny tenin'ny mpanjaka ary nanolotra ny tenany tsy hanompo na hivavaka amin'izay andriamani-kafa, afa-tsy Jehovah Andriamaniny ihany."* Eny na IZAHO aza anie dia te-hanome SAINA, tolo-tsaina, fitarihana ny FIRENENA sy ny mpitondra firenena mba hiadana ny ho sambatra ny vahoaka, ***Salamo 33: 12*** *"Sambatra ny firenena izay manana AHY Jehovah ho Andriamaniny, dia ny olona nofidiko ho lovako."* Fantatrareo ve? Rehefa niseho ny Voninahitro JEHOVAH rehefa tsy nandrapaka an'i Daniela ny liona dia hoy ny mpanjaka Dariosa vakio ***Daniela 6: 26-28*** Hitanareo amin'izany ary fa avy AMIKO ny saina. ***I Korintiana 2: 10*** *"dia isika no nanambaran'i JEHOVAH izany tamin'ny Fanahy; fa ny Fanahy mamantatra ny zavatra rehetra, na dia ny saina lalina izay an'i JEHOVAH aza."* Hitanareo tsara amin'ny sary fa **ny saina** dia AHY JEHOVAH ary nomeko hibaiko ny momba anareo rehetra. AHY koa ny am-parahatoka sy ny tenda. **Ny am-parahatoka** dia mihazona ny maha olona miara-miasa amin'ny saina. **Ny tenda** dia manavaka izay tokony hampidirina ao amin'ny vatana sy ny taova na izay tokony tsy hampidirina ao anaty akory. Anareo kosa **ny vava** ka tandremo tsara izay hohanina sy ny teny tenenina. Toy izany koa **ny orona** dia efa manimbolo sahady izay AHY. **Ny maso** dia mahita ny fahatsarako sy ny fahalehibiazako. **Ny sofinareo** dia mihaino izay lazaiko sy mandre ny momba AHY rehetra. Jereo tsara fa AHY koa **ny fo** izay itoerako sy anjakan'ny FANAHIKO ao anatinareo. Saro-pady koa **ny foitra** fa io no mampitohy ny zaza ao am-bohoka amin'ny tontolo rehetra ivelany ary na dia tsy misy vohoka aza fa ho anao manokana. Hitanao koa **ny taovam-pananahana**, saro-pady koa io satria fampitana Fanjakana, izany hoe raha misy olona iray izay efa tafiditra ao amin'ny Fanjakako dia tokony manambady olona toy izany koa izy, dikany : mamoaka olona vaovao vao teraka izy ireo ary madio ilay zaza, tonga dia efa Fanjakana sahady izany zaza izany. Jereo tsara ny aina sy hery avy any amin'ny saina midina hatrany an-tongotra izay afaka mandeha arak'izay ibaikoana sy anirahana azy. Hoy AHO JEHOVAH izany aminareo manao hoe: AHY hianareo, izany no namoronako anareo. "TEMPOLIKO" narafitra mba hanjakako sady AHY mandrakizay. Izany no tsy anekeko JEHOVAH izay arafitrareo eo amin'ny Tempoly tsy natao tanana (ny tenanareo izany). ***I Korintiana 3: 17 :*** Raha misy manimba ny Tempoliko JEHOVAH dia indro fa simba koa izy fa masina ny Tempoliko JEHOVAH dia hianareo izany. Aza mandrafitra na manorina zavatra hafa ankoatran'i JESOSY e! Aza fitahina ny tenenareo fa fantaro ny marina. JESOSY arafitra eo amin'ny tenanao sy ny fiainanao. ***Ohabolana 19: 3***: Ny hadalan'ny olona no mahasimba ny alehany ka Amiko JEHOVAH no sosotra ny fony. Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## CUA

# Lany ny tetibolan'ny kaominina mitentina 49 miliara Ar

Lany tao anivon'ny filan-kevitry ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny tetibola hampiasain' ny kaominina amin'ity taona 2019 ity. Mahatratra 49 miliara Ariary izany tetibolan'ny CUA izany, tsy mifanalavitra amin'ny nampiasaina tamin'ny taona lasa io tetibola io na nisy fiakarany kely aza. Naharitra 10 andro ny fivoriana arapotoanan'ireo mpanolotsainan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra ireo, izay notontosaina tetsy amin'ny lapan'ny tanàna Analakely ary nifarana omaly. Niompana betsaka tamin'ny fandaniana ny tetibola hampiasaina mandritra ity taona 2019 ity no votoaton'ny fivoriana, ankoatr'io, nisy koa ny fanapahan-kevitra momba ny ho fanatsarana ny tanànan'Antananarivo araka ny fanazavana nomen'ny filohan'ny filankevitra monisipaly, ny kolonely Andriambahoaka Faustin.



*Ny filohan'ny filan-kevitra monisipaly Antananarivo, kolonely Faustin Andriambahoaka.*

***Isambilo***

## CUA

# Ampiharina ny lalànan'ny fifamoivoizana



*Ny talen'ny fitaterana sy ny fifamoivoizana ao amin'ny CUA, Ravaloson Landy Harilala.*

Tsy maintsy ampiharina ny fanajana ny lalànan' ny fifamoivoizana sy ny fiantsonana eto Antananarivo Renivohitra araka ny toromarika nomen'ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana. Miainga amin'ny fampahafantarana ny lalàna sy ny fanentanana ny rehetra ny eo anivon'ny sampandraharahan'ny Fitaterana sy ny fifamoivoizana na mobilité urbaine, ao anivon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), nisy arak'izany ny naoty fampahafantarana navoakany, araka ny fanazavana nomen' ny talen'ny fitaterana sy ny fifamoivoizana antanàn-dehibe ao amin'ny CUA, Andriamatoa Ravaloson Landy Harilala. Raha ny fantatra dia ny taona 2014 ary namafisina ny taona 2017 ity lalàna ity saingy mbola maro ireo tsy mahafantatra na minia mandika ny lalàna. Ny sazy ho azo ho an'ireo mandika izay lalànan'ny fifamoivoizana izay dia miainga amin'ny fanidiana rojo vy ireo fiara hataon'ny tompon'andraikitra.

***Aly***

## Boriboritany faha -4 (CUA)

# Nanadio ireo tatatra tsentsina teny Anosy sy ny manodidina

Ao anatin'ny vanim-potoanan'ny fahavaratra isika izao , be ireo rano miangona noho ny fahatsentsenan'ny lakandrano, ka mahatonga ny fiparitahanan'ny rano eny amin'ny arabe. Ho an'ny Boriboritany faha-4, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), mitohy ny ezaka fanadiovana ireny lakandrano ireny, ka ny alakamisy lasa teo dia ny teny amin'ny faritra Anosy, manodidina ny « Senat » ka hatreny amin'ny Hopitaly Ravoahangy Andrianavalona (HJRA), no nanatanterahina ny asa fanesorana ireo fotaka izay manakana ny rano tsy handeha sy hikoriana any anatin'ny lakandrano. Ireo ekipa tekinikan' ny boriboritany faha-efatra hatrany no miara-misalahy amin'ny fanatontosana ny asa. Ny Kaominina Antananarivo Renivohitra tarihan'ny ben' ny tanàna Lalao Ravalomanana dia miezaka hatrany ary tsy mikely soroka manatanteraka ny adidy ho fampandroasoana ny tanàna araky ny teny filamatra "Antananarivo Madio sy Milamina" no tanjona.



*Fanadiovana tatatra teny Anosy.*

***Aly***

TETEZAN'I TANJOMBATO

## Mpamily taxibe namono tena nitsoraka tao anaty rano

Mpamily taxibe iray no namono tena nitsoraka anaty rano avy eny ambony tetezan'i Tanjombato omaly. Efa nidoboka ny rano vao taitra ny teny amin' ny manodidina, nisy lehilahy efa zokijonkiny ihany nitsambikina avy eny ambony tetezana. Nifamonjen'ny vatan-dehilahy teny, ka dia nifampitadiavana tao anaty rano, nefa ny rano avoavo ihany vokatry ny rotsak'orana bebe ihany efa telo andro izay, mahery koa ny fisinton'ilay barazy eo akaiky eo. Nantsoina ny mpamonjy voina, mirahalahy no nifandimby nitady niaraka tamin'ny tavoahangy misy rivotra, ary fatorana tady mihitsy ireo mpamonjy voina fa mafy ny rano. Efa ho ora iray nialana teny an-toerana mbola tsy hita ilay lehilahy namono tena. Raha ny filazan'ny manodidina teo dia ny onjam-piainana mafy loatra no mety nahatonga ny fihetsika toy izao.



*Ireo olona marobe nijery ilay namono tena tao anaty rano.*

***Ny Valosoa***

Boriboritany faha-2 (CUA)

## Nanadio ireo tatatra manamorona ny arabe ho fikojana ny lalana

Nanantanteraka fanadiovana ny tatatra manamorona ny arabe ny teny amin'ny boriboritany faha-2 Kaominina Antananarivo Renivohitra omaly. Izany no natao dia mba ialana amin'ny fahatsentsenan'ny tatatra, ka mahatongan'ny fiakaran'ny rano mandritran' izao fotoam-pahavaratra izao, sy mahatonga ihany koa ny fahasimban'ny lalana. Ny toerana nanaovana izany asa izany dia teny amin' ny fokontany Ambatoroka manamorona ny arabe izay mihazo an' Ambanidia iny. Marihina fa fiaraha-miasa tamin' ny Samva, Fokontany Ambatoroka ary ny boriboritany faha-2 (CUA) no nahavitana izao asa izao.



*Ny fanadiovana tatatra teny Ambanidia, Ambatoroka.*

***Aly***

Antsirabe voalohany

## Miverina ny fanafihana mitam-basy

Nitrangana fanafihan-jiolahy indray tao Mahafaly Vatofotsy Antsirabe I tamin'ity herinandro ity. Olona mpianaka roa no naratra mafy sy manaraka fitsaboana ao amin' ny hopitalin'Andranomadio vokatr'izany. Mpivarotra ity voatafika ity ary jiolahy niisa 4 teo ho eo no nanao ny fanafihana, izay nitondra basy lava misy hazo ny vodiny mety tsy fantatry ny olona ny anarany fa mety ho kalach angamba. Tokony ho tamin'ny 8 ora sy sasany hariva io fanafihana io, izay tao anatin'ny nahatapaka ny jiro tao Antsirabe manontolo tamin' izay. Vao tafiditra ireo jiolahy dia ny vola avy hatrany no notadiaviny ary ilay zazalahy namoha ny trano no voadaroka vy tamin'ny lohany ka naharatrana niisa 3. Taorian'izay dia ilay renim-pianakaviana indray no nosamborin'izy ireo sy nodarohany ihany koa ary notereny hamoaka ny vola, ka 3 hetsy mahery no lasan'ireo jiolahy. Voavelin'ny vy na famaky ihany koa ity renim-pianakaviana ity ary raha iny andeha hivoaka ny varavarany iny izy dia nofirain'ireo jiolahy ny tanany ka tapaka ny loha-rantsany ankavanana. Tafavoaka ihany ary afaka niantso vonjy ireo olona ka dia tonga ny fokonolona ary nitsoaka ireo jiolahy. Ratra telo ihany koa no nahazo ilay renim-pianakaviana ity tao amin'ny lohany, ankoatry ny fahatapahan'ny rantsantanany. Taorian'izay dia novonjena haingana tany amin'ny hopitaly ireto olona voatafika sy naratra ireto.




***Lezama***

**SARIITATRA:** Ny marina any an-danitra fa tsy ety an-tany hoy ny sasany




Vakinankaratra

## Olona 3 no maty, 1179 no mararin'ny kitrotro

Mihananaka ny kitrotro eto Vakinankaratra satria efa misy 1179 no olona voamariana fa tratr'ity aretina kitrotro ity. Efa nisy olona 3 ihany koa no fantatra fa matin'izany kitrotro izany, ka ny iray dia tany amin'ny distrikan'Ambatolampy, tany Antanifotsy misy iray. Ny distrika rehetra eto Vakinakaratra dia efa misy tranga avokoa ary isan'ny betsaka amin'izany ny any Antanifotsy. Tsy ny zaza intsony no tratr'ity aretina kitrotro ity eto amintsika, saingy raha ny fanazavana azo avy eo anivon'ny sampandraharaham-paritry ny fahasalamana eto Vakinankratra, dia tsy mifidy intsony ny aretina, satria misasaka mihitsy ny isan'ny olona voany eo amin'ny zaza sy ny lehibe, ary ny lehibe aza no betsaka kokoa satria efa mahatratra any amin'ny 51 % any ireo olon-dehibe tratr'ity aretina kitotro ity. Tsy misy hafa-tsy ny fanaovana vaksiny ihany no hany fisorohana 'ity virus antsoina hoe, «morbilivirus » mahatonga ny kitrotro ity, somary mbola tsinontsinoavin'ny olona anefa io resaka vaksiny io, ka mahatonga ny aretina mirongatra ankehitriny. Ho an'i Vakinankaratra dia manodidina ny 82 % ny tahan'ny olona na ny zaza nahazo vaksiny eto raha tokony ho 95 isanjato izany ho an'ny vaksiny voalohany fotsiny. Ho an'ny famerenana vaksiny faharoa amin'io kitrotro io, dia somary olana satria vitsy ny olona manao azy noho izy io mbola handoavam-bola aloha eto amintsika. Hisy ny hetsika manokana hiadiana amin'io firongatry ny kitrotro io, ka distrika 4 no hanaovana izany izay fantatra fa tena ahiana betsaka ny aretina kitrotro, ka voakasin'izany Antanifotsy, Antsirabe I sy Antsirabe II ary Ambatolampy. Ny zaza 9 volana ka hatrami'nny 9 taona no hanaovana io hetsika fanaovam-baksiny manokana io. Tsara ho tsiahivina kely fotsiny fa ankoatry ny fanaovana vaksiny sy ny fanatonana mpitsabo raha sanatria tratry ny kitrotro dia ny fampiakarana ny hery fiarovana ao amin'ny olona rehetra.

***Lezama***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao. Izaho koa tena nalahelo rehefa hoe tsy lany Dada fa rehefa nivavaka aho dia niha-nahazo hery, ary te hampahery antsika Zanak'i Dada rehetra hoe: tahaka ny Zanak'Israely lasa babo tany Egypta isika Malagasy. Mafy ary tena mafy no nentin'izy ireo tany @ fanandevozana, fa tsy nanary azy Andriamanitra. Nandefa an'i Mosesy hanafaka azy ireo Izy fa nandà ny tsy handefa ny Zanak'Israely foana i Farao, na dia nasian'Andriamanitra ny loza 10 nifanesy aza. T@ fomba mahagaga no nanafahan'Andriamanitra ny Zanak'Israely. Ny tanan'Andriamanitra mihitsy no nanokatra ny ranomasina mena nampandeha tany maina ny Zanak'Israely ary io ranomasina io ihany no nitelina sy namono ny miaramilan'i Farao noho ny herin'Andriamanitra. Te hitaiza ny finoantsika Jesosy. Tsy hoe nandresy Rajoelina dia kivy isika fa avelatsika Jesosy no hitsara azy. Efa firenena nofidian'Andriamanitra ity Madagasikara ity ary fiadanana no efa nampanantenainy ho an'ny Malagasy, ka mahereza ary mahareta mivavaka isika Zanak'i Dada. Ndao hotohizantsika ny fiainana ny finoana sy ny fahamarinana izay efa nampianarin'i Dada, sady Tenin'i Tompo rahateo koa fa rehefa miaina @ finoana sy ny fahamarinana isika dia avy @tsika no hitahiana ity firenentsika ity. Araka ny Tenin'i Tompo hoe: "ary ho fitahiana tokoa ianao". Mahereza isika. Sady ny Zanak'Andriamanitra tsy kivikivy izany n'inona miseho. Jereo fotsiny ny nanjo an'i Dada fa tsy kivy izy n'in'inona nihatra taminy. Noho izany isika koa tsy tokony ho kivy. Mahereza daholo isika e!

***Rodolphe Ramanantenasoa***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Arovana A**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**05/01/19 hatramin'ny 12/01/19**

- **PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/020 22 307 17
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/032 04 090 54
- **HARY SOA** (Besarety) 020 22 379 17 / 034 54 481 48

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 860-01-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

BORIBORITANY FAHA-6 (CUA)

## Nanentsina ireo lavadavaka amin'ny lalana

Nohon'ny fiarahamiasan'ny boriboritany fahaenina, Kaominina Antananarivo Renivohitra sy ny Scota, koperativa taxi be eny an-toerana dia natomboka omaly ny fanamboaran-dalana teny amin'ny boriboritany fahaenina. Lalana vita tara efa simba sy lavadavaka no hita teny an-toerana taloha, tamin'ny toerana sasany, fa manomboka izao dia ovaina ho «beton» izany lalana izany, mba hanalana ny fahasahiranan'ny mponina rehefa fahavaratra toy izao. Anjarantsika mponina no mikojakoja ireny foto-drafitr'asa vita ireny mba haharitra sy ho azo ampiasaina haitrany.



*Fanamboaran-dalana teny amin'ny Boriboritany faha-6.*

**Aly**

CUA

## Mitady tanora liam-pivoarana hiara-hiasa aminy

Ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) dia mitady tanora mihevitra ny tenany fa liampivoarana hiara-hiasa aminy. Nambaran'ny tompon'andrikitry ny seraseran'ny CUA fa "tanora liam-pivoarana ve ianao? Te-hivoatra bebe kokoa eo amin'ny tontolo misy anao? Maniry ny handray anjara amin'ny fampandrosoana ny tanàna? Ny seraseran'ny CUA dia mandray izay tanora vonona, manaraka ireo fepetra ireo mba ho lasa mpilatsaka an-tsitrapo na "volontaire". Hisy ny fotoana hizarana sy hidinana any an-toerana hanampiana sy hampandrosoana ny tanàna sy ny mpiray tanàna.




Ho an'ireo tanora liana amin'izany dia alefaso amin'ny facebook: CUA serasera ofisialy, mp, ny momba anao sy ny mandrisika anao amin' izany. Ho lazaina amin'ny fotoana manaraka ny fotoana hihaonana amin' izany.

**Ny Valosoa**

Ankavandra Mindrivazo

## Tsy mandeha amin'ny laoniny ny vola anamboaran-dalana


Vola 70 tapitrisa ariary hanaovana lalana ao amin'ny kaominina Ankavandra distrikan'i Miandrivazo faritra Menabe no tsy mandeha amin'ny laoniny. Maro amin'ireo kaominina eto Madagasikara no tsy nisitraka na koa nahazo, nefa tsy amin'ny tokony ho izy ilay vola natokan'ny fanjakana Malagasy anampiana azy ireo, fantatra amin'ny hoe tahiry FDL (Fond de Développement local). Saika ireo mpitondra fanjakana, na koa ireo olom-boafidy no mitantana mivantana na koa ankolaka azy ireny, ka zara raha misy tafita any ifotony dia ireo kaominina ny vola izay nomena. Ireo solombavambahoaka, na lehiben'ny Disitrika, na koa ny mpitantana ara-bola any amin'ireo sampandraharaha mpamoaka vola avokoa no mahazo ny tsenam-barotra rehetra. Mazava ho azy fa maka tombony izy ireny na koa mikepoka tanteraka ilay vola, iretsy vahoaka tokony hiantefan'ny fanampiana sy ny tetikasa kosa mitanatana vava. Nizaka izany ny tao amin'ny kaominina Ankavandra Miandrivazo, lanin'ilay tompon' andraikitra mpanaramaso ny tetikasa vatsian'ny FDL vola ny anjara vola tokony hanaovana ny lalana any an-toerana. Raha ny fantatra dia izy ihany no nahazo ny tsenam-barotra hanao ity lalana ity , saingy dia zara raha nisy asa natao tany antoerana . Fotoana firotsahan'ny orana izao, ratsy ny lalàna, nefa ireto mponina nanantena fanamboarana, fa izay no fantatr'izy ireo ho laharam-pahamehana amin'ny filana ho fampandrosoana ny faritra misy azy, ny Ben'ny Tanàna no mahazo kiana amin'izao fotoana izao ary anairany ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny hijery akaiky ny raharaha . Maro ireo faritra sy kaominina iharan'ny tranga toy izao, solombavambahoaka, na Ben'ny Tanàna, na koa manana fianakaviana akaiky izay mpandraharaha, io no mandray ny tsenam-barotra. Hany ka mivily any amin'ny tsy tokony ho izy ny vola entina hampandrosoana ilay kaominina, ny fitondrana foibe tsy mahafantatra .

**Serge**

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 265**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0264)

***Mitsivalana***
- Tetezana
- Ory – Ana
- Manina
- Ry – Manda
(Miv)
- Ora (Miv) – Ro
- Na – Sipa
- Avia – Mof(o)

***Mitsangana***
- Toerana
- Re (Miv) – Vary (Miv)
- Tim
- AA – Sa
- Zandry
- Mponina (Miv)
- Nana – Ao
- Amy

### TENY MIFANARAKA N° 265




**Mitsivalana**

**1.** Ho hano aho hihinanako anao – Mahantra (Miv) **2.** Rangahy (Miv) **3.** Fety **4.** Solfa – Ahazoana ny siramamy **5.** Nanome toky **6.** Tanalahy – Androany **7.** Maharitra – Karazana lasopy – Vizana **8.** Faran-teny – Manondro zavamaro (Miv) – Ora tsy misy farany **9.** Ahafantarana **10.** Tia, iry – Mitambatra

**Mitsangana**

**A.** Iraka **B.** Fiantsoana ny namana **D.** Eny amin'ny habakabaka – Hazo maro (BR) **E.** Manontany – Heloka **F.** Tampisaka (Miv) – Lavo (BR) **G.** Tsy mora – Betsaka (Miv) **H.** Toby (Miv) – Amany (BL) **I.** Matoanteny – Mari-bola **J.** Heno – Ino ? **K.** Toe-bolo – Azo

### Valiny Teny mifanaraka 0264

**Mitsivalana**

1 Mifanatona **2.** Avil(y) - Ha **3.** Senatera **4.** Alàna - Loto (Miv) **5.** Nalainarea **6.** Zo **7.** Ny (Miv) - Mamy - AA **8.** Elo - Kere (Miv) **9.** On - Rana - As **10.** Fitarafana

**Mitsangana**

**A.** Misangy - Fo (Miv) **B.** Elo - Neny **D.** Fanala **E.** Avana - Mora **F.** Nitaiza - Ar **G.** (T)ale - Nomen **H.** Roa - Fary (Miv) **I.** Ohatra **J.** Na - Eo (Miv) - Nako (Miv) **K.** Olona - Sa/ry


Commune
Urbaine
d'Antananarivo
Fahadiovana
ISIKA MPONINA
Fadio ny manary fako
eny amin'ny tatatra
Izay liam-pivoarana,
liam-pahadiovana
www.facebook.com/Cserasera/


Commune
Urbaine
d'Antananarivo
Fahadiovana
ISIKA MPIVAROTRA
Diovintsika madio tsara
ny faritra hivarotantsika
Izay liam-pivoarana,
liam-pahadiovana
www.facebook.com/Cserasera/